PRAYER
316

# Ahoana no fomba hivavahako?

**Ahoana no fomba hiresahako amin'Andriamanitra?** Ny mivavaka dia miresaka amin'Andriamanitra. Ny Baiboly dia Andriamanitra miteny amintsika. Ndeha hianatra izay ampianarin'ny Baiboly antsika momba ny vavaka. *"ARY Jesosy nivavaka tao amin'ny fitoerana iray, ka rehefa nitsahatra Izy, dia hoy ny mpianany anankiray taminy: Tompoko, mampianara anay hivavaka"* Lioka 11:1. Mivavaha izany vavaka izany. Ny fampianaran'ny Baiboly momba ny vavaka dia ahitana fiderana, fisaorana, fifonana ary fangatahana. Ny fiderana dia manandratra, manome haja sy voninahitra an'Andriamanitra, Salamo 34:1-3. *"hanatitra ny fanati-piderana amin'ny alalany ho an'Andriamanitra mandrakariva,"* Hebreo 13:15. Fisaorana noho ny zavatra izay nataony. *"TSARA ny hidera an'i Jehovah,"* Salamo 92:1. Fifonana noho ny otantsika. *"Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsi-fahamarinana rehetra,"* 1 Jaona 1:9. Atolory an'Andriamanitra ny fangatahanao satria Izy no manasa anao hangataka Aminy. *"fa aoka ny fivavahana sy ny fifonana mbamin'ny fisaorana no ho entinareo manambara ny fangatahanareo amin'Andriamanitra amin'ny zavatra rehetra,"* Filipiana 4:6. Ny fangatahana amin'Andriamanitra mba hanome izay ilainao ara-panahy sy ara-nofo dia ao amin'ny vavaka nampianarin'ny Tompo ao amin'ny Matio 6:9-13. Ny vavaka dia tombotsoanao manokana ahafahanao miresaka amin'Ilay Andriamanitra velona. *"Ny mason'i Jehovah dia mitsinjo ny marina, Ary ny sofiny mihaino ny fitarainany,"* Salamo 34:15. *"Izany no aoka hivavahan'ny tsara fanahy rehetra,"* Salamo 32:6.

**Aiza aho no tokony hivavaka?** Tsara ny mivavaka ao anatin'ny trano fivavahana sy trano fiangonana. Kanefa, hoy I Jesosy, *"Andriamanitra dia Fanahy; ary izay mivavaka aminy tsy maintsy mivavaka amin'ny fanahy sy ny fahamarinana."* Jaona 4:24. Ny vavaka mahomby dia tsy miankina amin'ny toerana misy anao. Hoy Jesosy, *"Ary raha mivavaka hianareo, aza mba ho tahaka ny mpihatsaravelatsihy; fa izy tia ny mivavaka mitsangana eo amin'ny synagoga sy eo an-joron-dàlana hahitan'ny olona azy. Lazaiko aminareo marina tokoa fa efa azony ny valim-pitiany. Fa hianao kosa, raha mivavaka, dia midira ao amin'ny efi-tranonao, ka rehefa voarindrinao ny varavaranao, dia mivavaha amin'ny Rainao, Izay ao amin'ny mangingina; ary ny Rainao, Izay mahita ao amin'ny mangingina, no hamaly anao."* Matio 6:5-6. Ny vavaka mahomby dia tsy miankina amin'ny hoe aiza ianao no miavavaka. Mivavaha eny ampahibemaso. Mivavaha mitokana.

**Mila mivavaka mandohalika ve aho?** Jesosy, Paoly ary Daniela dia nanao toy izany, Lioka 22:41, Asa 20:36, and Daniela 6:10. Mivavaha mandohalika. Kanefa, ao amin'ny Baiboly dia misy ny nitsangana, niandrandra ny lanitra, nanandra-tanana, niankohoka amin'ny tany, ary nanatrika rindrina. Ny fihetsiky ny vatana dia misy dikany rehefa mivavaka raha maneho izay tena toetry ny fonao.

**Ahoana no fomba hivavahako?** Ny *ahoana* amin'ny vavaka  dia manan-danja na manan-danja kokoa noho ny *inona* amin'ny vavaka. Ny vavaka ara-Baiboly dia fanokafana sy fandoarana an-kalalahana ny ao am-ponao amin'Andriamanitra. Tsy misy fitambarana teny, na andian-teny, na fehezanteny manokana afaka manery an'Andriamanitra hanome anao izay angatahinao Aminy. Ny toromarika sy ny ohatra ao amin'ny Baiboly dia ny mivavaka:

Amin'ny fo feno fisaorana, 1 Tesaloniana 5:18.

Amin'ny fahatsoram-po, fa tsy tsianjery, Isaia 29:13.

Tsy misy famerimberenana tsy misy dikany, Matio 6:7.

Ampahibemaso, mivantana ary am-pahitsiana, Isaia 37:14-17.

Amin'ny fahazotoana sy ny faharetana, Kolosiana 4:2, Lioka 11:5-10, 18:1-8.

Mitohy, tsy mitsahatra, 1 Tesaloniana 5:17.

Amim-piezahana fatratra, Romana 15:30.

Amin'ny firaisana miaraka amin'ny mpino hafa, Matio 18:19-20, 1 Timoty 2:8.

Amim-pinoana lehibe, Jakoba 1:6-7, Hebreo 11:6.

Araka ny Sitrapon'Andriamanitra, Jaona 15:7, 1 Jaona 5:14-15.

Amin'ny Anaran'I Jesosy, araka ny Sitrapony amin'ny maha-mpisolontena Azy antsika Jaona 14:13,  15:16.

**Inona no tokony hivavahako?** Ao amin’ny vavaka nampianarin’ny Tompo, Jesosy dia nampianatra ny Mpianany hivavaka ho an’izay ilainy ara-nofo sy ara-panahy isanandro. Ao amin’ny vavaka nataony ao amin’ny Jaona 17, Jesosy dia mivavaka ho an’ny tenany, ho an’ny Mpianany sy ho an’izao tontolo izao. Jesosy dia mampanantena fa ny vavaka atao amim-pahatokiana, mifanaraka amin’ny Sitrapony, atolotra an’Andriamanitra Ray amin’ny Anarany dia ho valiana, Jaona 15:7, 16, 16:23, 1 Jaona 5:14-15. Ireto ny toromarika sy ohatra hafa ao amin‘ny Baiboly izay tokony hivavahanao:

Fahendrena, Jakoba 1:5, 2 Tantara 1:7-12.

Fanambinana ara-panahy, Kolosiana 1:9-12.

Ireo izay manenjika anao, Lioka 6:28.

Fahasitranana, mety ho tanteraka, Jakoba 5:14-15, fa tsy ho an’ny rehetra, 2 Korintiana 12:7-9.

Ny tsirairay, Efesiana 6:18, Jakoba 5:16.

Ny manam-pahefana, 1 Timoty 2:1-2.

Ny sakafonao, Matio 6:11, Marka 6:41, 8:6-7.

Ireo izay mila an’I Kristy, Romana 10:1.

Ireo izay miasa mitory ny Filazantsara Matio 9:37-38.

Varavarana misokatra ho an’ny Filazantsara, Kolosiana 4:3-4.

**Mihaino sy mamaly ny vavakao Andriamanitra.** Tanteraho ireo fepetran’Andriamanitra momba ny vavaka dia hamaly anao Izy. Ny valintenin’Andriamanitra dia mety ho *eny,* ho *eny rehefa kelikely,* na ho *tsia.* Mety hanome anao mihoatra izay angatahinao na eritreretinao Izy, Efesiana 3:20. Ny eny nahemotr’Andriamanitra dia mety natao hampitao anao na hampitao ny hafa ho amin’izay Valinteniny. Na mety ho *tsia tanteraka ny Valinteniny.* Mivavaha amim-pinoana Azy sy amim-patokiana tanteraka izay Valinteniny.

Zava-dehibe ny antony manosika anao. *“Mangataka hianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin’ny filanareo,”* Jakoba 4:3.

Ry lehilahy, ento tsara ny vadinao. Ny Baiboly dia mampianatra fa ny lehilahy dia tokony hitia ny vadiny tahaka ny nitiavan’I Kristy ny Fiangonana, mankamamy azy, mahafantatra azy, ary manaja azy tahaka ny mpiara-mandova ny fahasoavan’ny fiainana, *“mba tsy ho voasakana ny fivavahanareo,”* 1 Petera 3:7.

Mamela ny hafa. Ny tsy famelana dia sakana ho an’ny vavakao. Ny famelanao ny hafa dia maneho ny famelana andrasanao amin’Andriamanitra, Marka 11:25, Matio 5:23-24, 6:12-15. Aoka ho marina.

Aoka hadio ara-panahy eo anatrehan’Andriamanitra ianao dia ho afaka hahantateraka zavatra maro ny vavakao. *“Fa ny fivavaky ny marina no sitrany,”* Ohabolana 15:8. Kanefa, raha misy miala amin’ny Lalàny, *“Na ny fivavahany aza dia fahavetavetana,”* Ohabolana 28:9. Andriamanitra dia miaro, manomana ary mahatanteraka anao. Ny fandavana sy ny fanemorana dia mety hahasoa anao.

Miaro anao Andriamanitra rehefa tsy fantatrao hoe mety hanimba anao izay angatahinao. Andriamanitra dia mahafantatra anao mihoatra ny fahafantaranao ny tenanao. Indraindray, Andriamanitra dia miteny tsia satria fantany ny hoavinao ary fantany izay tsara ho anao. Indraindray ny fanemorana dia manome fotoana anao ho vonona amin’ny Valinteniny. Indraindray, ny fandavany sy ny fanemorany dia manamafy ny finoanao. Ekeo amin’ny finoana sy ny fisaorana ny valintenin’Andriamanitra. Fantatr’Andriamanitra izay ataony. Miresaha amin’Andriamanitra. Mihaino izy. Mivavaha!

**“Misaora amin’ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon’Andriamanitra ao amin’i Kristy Jesosy ho anareo.” 1 Tesaloniana 5:18**

---

*Ahoana no fomba hivavahako?* © 2026 nosoratan’i John D. Morris III dia navoakan’ny Acts One Eight. Azonao atao ny manonta malalaka, mandika, mandefa, mailaka, na mandefa hafatra miaraka amin'ny atiny tsy miova miaraka amin'ity fanambarana feno ity. Azonao atao ny manampy ny anaran'ny asa fanompoanao na ny fiangonana misy anao na ny sary famantarana eo an-tampon'ny pejy voalohany ary ampio ny mombamomba anao eo ambonin'ny tsipika matevina eo akaikin'ny faran'ny pejy faharoa. Prayer316 dia mifototra amin’ny Baiboly irery ihany. Ny antom-pisiany dia ny hanampy ny olona hivavaka ary hitombo amin’ny fifandraisany amin’Andriamanitra. Afaka mandefa mailaka amin’ny Acts One Eight ianao (amin’ny teny Anglisy raha azo atao) amin’ny: *Hello@Mail316.org*. Ny fandikanteny dia avy amin’ny www.ChristianLingua.com. *Ahoana no fomba hivavahako?* dia misy dikany amin’ny fiteny 48 azonao alaina maimaimaimpoana ao amin’ny *www.Prayer316.org*. Ireo Tenin’Andriamanitra amin’ny fiteny Anglisy dia nalaina tao amin’ny The Lockman Foundation’s New American Standard Bible 1995. Ny Tenin’Andriamanitra amin’ity fandikanteny ity dia nalaina tao amin’ny Baiboly Protestanta Malagasy.